

FANAMBARANA

Ho tohin'ny fakan-kevitra marolafy niarahana tamin'ny sehatra tsy miankina, sy ny fiarahamonimpirenena, ary ireo vondron'ny mpiaro ny zon'ny mpanjifa, dia notanterahina **ny Alahady 10 jolay 2022**, tao amin'ny Lapam-panjakana lavoloha, ny fihaonana niarahan'ny Fitondrampanjakana sy ny Vondron'ny mpandraharahan'ny solika eto Madagasikara - fivoriana izay nifarana tamin'ny 1 ora maraina.

Niady mafy ny Fitondrampanjakana *ho fitsinjavana ny tombontsoan'ny vahoaka* ary nimasoana ny tsy hampiakatra be loatra ny vidin'ny solika izay tsy azo idivirana noho ny fiarakarana sy fidangan'ny vidin-tsolika manerantany.

Tapaka tamin'izany ary fa *raha tokony ihoatra ny 6.000 Ariary* ny litatry ny solika dia noferana ho **4.900 Ariary** ny **Gasoil**, ary **5.900 Ariary** ny **Super Carburant**.

Mba ho **fitsinjavana ireo tokenrano maro an'isa** kosa - indrindra ny tontolo ambanivohitra - izay mampiasa **ny solika fandrehitra**, dia noferana ho **2.430 Ariary** raha toa ka *tokony ihoatra ny 4.100 Ariary* ny litatr'izany.

Manohy ny ezaka hatrany ny Fitondrampanjakana, koa araky ny fifanarahana tamin'ny vondron'ireo mpandraharahan'ny solika dia hikaoka famatsiana amin'ny tolotra moramora kokoa eo amin'ny tsena iraisam-pirenana ny Fitondrampanjakana mba ialana amin'izay mety ho fiakarana manaraka.

Antananarivo 11 Jolay 2022